

AO AMIN'NY F_{AHORIANA}

MANKANY AMIN'NY

F_{ITSAHARANA}

AO AN-T_{RANON}'NY RAY

Amboaram-boky "Torolalana ho an'ny mpivahiny"
Notsongaina avy amina lahatsoratra kristiana,
nofantenana sy namboarina
ary nakambana araka ny lohahevitra.
J.-C. K.

2012
Imprimé en France
ISBN : 978-2-87907-546-4

Torolalana ho an'ny mpivahiny 1

AO AMIN'NY FAHORIANA
MANKANY AMIN'NY
FITSAHARANA
AO AN-TRANON'NY RAY



BPC - TERRE DE MISSION
La Bonne Semence
30 rue Châteauvert - BP 335
26003 Valence, France

pejy

“Avy amiko izao zavatra izao”	5
Ny fahoriana	11
Mahereza tsara, ry mpivahiny !	15
Miara-mandeha amin’Andriamanitra.....	19
Ny fahazavana avy any an-danitra	23
Ny tranon’ny Ray	27

“Avy amiko izao zavatra izao”

1 Mpanjaka 12. 24

Ireo hadisoam-panantenana eo amin’ny fiaianana dia avelan’Ilay Andriamanitra —lavorary ao amin’ny fitiavany—hiseho ary fantany. Tsy hoe tsy miraharaha an’ireny tsy akory Izy. Manatona ny olony tsirairay tra-pahoriana Izy, ary milaza aminy hoe: “Manana hafatra ho anao Aho anio. Hobitsibitsihiko eo an-tsofinao izany, mba tsy hampahatahotra anao ireo alahelo sy fijaliana mety hahazo anao. Henoy ity fehezanteny kely ity: “*Avy amiko izao zavatra izao*”. Ave-lao izany hilatsaka any amin’ny fonao lalina indrindra any ka ho toy ny ondana hametra-hanao ny lohanao efa reraka”.

Fantatr’Andriamanitra Rainao ny fahorianao rehetra. Te hizara, hiaramitondra ary hiara-mamakivaky izany aminao Izy (Isaia 63. 9)

“Izay mikasika anareo dia mikasika ny anakandriamasonry” (Zakaria 2. 12). “Satria malala eo imasoko ianao” (Isaia 43. 4), dia tiako hamboarina. Rehefa alaim-panahy ianao ary avy “toy ny rano maria” ny Fahavalox (Isaia 59. 19), dia te hampianatra anao hitoky Amiko Aho. Izaho no mandahatra ny zavatra rehetra eo amin’ny fiaianao. Tsy kisendrasendra tsy akory raha eto ianao: io no toerananofidiko ho anao.

Tsy nangataka ny mba hahay manetry tena ve ianao?

Izaho Jesosy dia tsy miavona am-po, Izaho no modely, nefà ao amin'ny sekoly hianarana io lesona io no nametrahako anao. Tianaò tahaka ny itiavako azy ve ireo olona manodidina anao? Tianaò ve ireo fahavalonao, ireo manisy ratsy anao, asehonao ve fa manana ilay hatsaram-panahy faratampony antsoina hoe hamoram-po amin'ny olona rehetra ianao? Raha izany, dia afaka miara-dia amiko ianao ary mitondra ny zio-gan'ilay Galiliana manetry teny: mora sy maivana izany, raha manaraka Ahy ianao (Matio 11. 30).

Sahirana ara-bola ve ianao? Sarotra aminao ve ny mahita ny ampy ho an'ny tokantranonao?

Ny ota eto amin'izao tontolo izao dia nampiditra ny fijaliana, ny fahantrana, ny tsy fitoviana. Fony tonga tetè an-tany i Jesosy, dia nandia izany rehetra izany, saingy feno fango-rahana Izy ka nitsinjo mandrakariva izay nilain'ny vahoaka. Tsy nampodiny maina fotsiny izy ireny. Namoky olona 5000 Izy, tamina mofo dimy nentin'ity zazalahy iray. Tsy miova i Jesosy. Anio dia andraso avy amin'ny tànany avokoa ny zava-drehetra. Miantehera amin'ny fanafahany sy ny teny fampanantenàny. Hoy i Jesosy: "Fan-tatry ny Rainareo Izay any an-danitra fa tokony

ho anareo izany rehetra izany. Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinany, dia hanampy ho anareo izany rehetra izany. Ary amin’izany dia aza manahy ny amin’ny ampitso ianareo; fa ny ampitso hanahy ny azy. Ampy ho an’ny andro ny ratsy miseho ao aminy” (Matio 6. 32-34).

Mandalo alim-pangirifiriana ve ianao?

“*Avy amiko izao zavatra izao*”. Jesosy dia “Lehilahy ory sady zatra ny fahoriana” (Isaia 53. 3). Mandritra ny fangirifirianaao dia iriny ianao hitady ny fanatrehany, ny fiarahana Aminy izay sarobidy kokoa noho izay rehetra mety ho fannampian’olombelona. Dia hahazo “fampiononana mandrakizay” ianao (2 Tesaloniana 2. 16).

Nisy ve namana namborahanao ny tao am-ponao sy nitokisanao nandiso fanantenana anao?

“*Avy amiko izao zavatra izao*”. Navelako hisy izany hadisoam-panantenana izany, mba hahafantaranao fa Jesosy no Namanao tsara indrindra. Izy no miaro anao tsy ho lavo, Izy no mampahery ny fanahinao ao amin’ireo adiny. Izy no ampinganao, Izy no fandresenao! Te ho mpizara ny tsiambaratelona Izy, te ho Mpiandry anao, te ho Mpitarika anao.

Nisy olona nanendrikendrika anao ve?

Avelao ho eo am-pelatanako izany raha-raha izany, ary avia mialoka eo ambany elatro, mba tsy ho azon'ny "lela mifanditra" (Salamo 31. 20). Izaho no hanome rariny anao; ny fahamarinanao ho "tahaka ny mazava..., ary ny rariny ho anao tahaka ny mitataovovanana" (Salamo 37. 6).

Tsy nahomby ve ireo vinavina natao-nao? Kivy sy reraka ve ianao?

"Avy amiko izao zavatra izao". Namina-vina zavatra ianao, dia tonga nangataka tamiko hitahy izany. Nefa Izaho nitady handamina izany ho anao sy ho tompon'andraikitra, satria "ma-vesatra aminao loatra izao zavatra izao, ka tsy ho zakanao irery ny hanao izao" (Eksodosy 18. 18). Dia ho niara-nanatanteraka ireny vinavina ireny tamiko ianao, kanefa tsy hibaby ny vesatr'izany.

Ary fantatralo ve fa "ny fon'ny olona mihetitra tsara ny halehany; fa Jehovah ihany no mahalavorary ny diany" (Ohabolana 16. 9)? Tsinjoviny mandrakariva ny hiaro anao amin'ny ratsy sy ny hanao soa anao.

Naniry mafy hanao zava-dehibe ho ahy ve ianao, nef ajanona, tsy afa-manoatra, marary eo ambony farafara?

“Avy amiko izao zavatra izao”. Fony mbola tena teo am-perin’asa ianao, dia tsy haiko nampifantohana. Izao Aho dia te hampianatra anao lesona tena lehibe. Ireo izay nianatra hiandry am-paharetana ihany no afaka manompo Ahy. Indraindray ireo mpanompoko tsara indrindra dia ireo izay noesorina tsy hiasa intsony, mba hianatra hampiasa ny vavaka ho fiadiana.

Voantso tampoka ve ianao handray toerana sarotra sy feno andraikitra?

Mirosoa sady miantehera amiko. Matoa Aho manankina aminao io toerana lehibe io, dia ny mba hainanao ny fahamarinan’ilay Teniko hoe: “H(o)tahin’i Jehovah Andriamanitao... amin’ny asanao rehetra sy amin’izay rehetra ataon’ny tànanao” ianao (Deuteronomia 15. 10).

Anio dia apetrako eo an-tànanao ny “diloilo” sy ny “koba” (1 Mpanjaka 17. 12) mba hampiasanao izany tsy amin-tahotra. Ireo fampitaovana avy amin’Andriamanitra ireo —ny Fanahy Masina (ny diloilo) sy ny Tenin’Andriamanitra (ny koba)— dia hahafahanao miatrika izay rehetra mety hipoitra eny amin’ny lalanao: teny mandratra, fahasahiranana ara-bola, fandaozan’ny sakaiza,

fikatsoan'ireo drafitra natao, fisehoan'ny fahalemenao... Aza hadino fa ireny zavatra rehetra mampijaly ireny dia anisan'ny fitaizàn'ny Ray anao. Ho sitrana ny ratra aterany. Arakaraka ny hianaranao hahita Ahy amin'ny zavatra rehetra no hanafaingana ny fahasitranana. Satria "izany no iveloman'ny olona, ary amin'izany tokoa no iainan'ny fanahiko" (Isaia 38. 16).

"Koa hatanjaho ny tanana miraviravy sy ny lohalika malemy; ary manaova lala-mahitsy halehan'ny tongotrareo... Miezaha mitady fiavanana amin'ny olona rehetra ary fahamasinana; fa izay tsy manam-pahamasinana dia tsy hahita ny Tompo" (Hebreo 12. 12-14).

"Alatsaho ao am-ponareo ny teny rehetra izay ambarako aminareo anio" (Deuteronomia 32. 46).

Ny fahoriana

“Izay tian’i Jehovah no faiziny”

Hebreo 12. 6

**Avelan’ny Tompo hisy ny fahoriana
mba hianarako mahafantatra bebe
kokoa ny fitiavany**

Matoa i Kristy mandratra ny fainantsika, dia ny mba hidirany ao sy hampifandray mivantana kokoa aminy ny fanahintsika sy ny fitiavantsika. Ny fandrosoana bitika indrindra amin’ny fahafantarana ny fitiavany sy ny Tenany dia manan-danja be lavitra noho izay rehetra fijaliana mety hiaretan’ny olona. Tsy manan-tshala io fahafantarana ny Tompo io: mitoetra mandrakizay izany.

Voafetran’Andriamanitra ny fahoriana

Tsy ny olona rehetra tsy akory no mama-kivaky ny fainana am-pilaminana, na misy aza ny sasany tsy mijaly noho ny hafa. Raha ny marina isika dia ampalahelovina “vetivety... raha tsy maintsy hisy izany” (1 Petera 1. 6).

Aza mikorontana. Andriamanitra no mitana ny familiana sy mahafantatra izay ilainao. Tsy faly

ny handratra anao Izy. Ferany ny fotoana ilàna ny fahoriana; lalovanao izany, saingy mihelina ihany.

Afaka manatona an'Andriamanitra, Izay fiarovana sy famonjena ahy, aho

Matetika isika dia tena sahirana tokoa hitondra eo anoloan'Andriamanitra ny fahorantsika.

Ny mpino tra-pahoriana dia mety hiteny hoe: "Ahoana moa no hahafahako manao izany? Vokatry ny fahotako ny fangirifiriako. Dia azoko atao an-kitsimpo ve ny mitondra ho eo amin'Andriamanitra ny fijaliako, nefá fantatro fa mendrika izany aho?" —Eny, satria i Kristy dia efa nitondra ny fahotako teo amin'ny hazofijaliana. Izany no fototra azoko iorenana. Afaka manampy ahy Andriamanitra, mandritra ny fahoriana rehetra lalovako, satria vita lavorary ny asa nataon'i Kristy ho ahy. Amin'ny ankapobeny, izay mety ho fijaliana dia vokatry ny ota, ary izay mety ho famonjena dia mifototra amin'ny sazy noefain'i Kristy nisolo toerana antsika.

*

Azon'ny mpino atao mandrakariva ny mitady ny fanatrehan'Andriamanitra mba ho voavonfy, na inona na inona mihatra aminy.

*

Tena sambatra tokoa aho nandritra ny faharariako; tsy nisy fotoana nahatsapako mihoa-tra noho izany fa Ilay Andriamanitra fitiavana no fiarovana ho ahy, satria hiaraka Aminy mandrakizay any an-danitra aho.

*

Tsy mety ho antsika ny avonavona sy ny fiezahana miritra ny fahoriana. Tsy toy izany no mahatonga ny fanahintsika hahita fiadanana eo amin'ny fanatrehan'Andriamanitra. Ny mifanohitra amin'izany aza, vao mainka tena mampahalavitra ny fanahintsika Aminy izany.

Rehefa tena mafy sy tsy misy fanafana ny fangirifiriana dia mampanakaiky antsika amin' Andriamanitra, Izay te hamony sy afaka manonjy antsika; amin'izay isika no tena mahita ao Aminy ny vahaolana.

**Rehefa miara-mizaka ny fahoriana
amin'Andriamanitra aho, dia matoky
ny fanahiko ary sambatra ny foko**

Rehefa tratran'ny fahoriana ny mpino, ny hetsika voalohany atao'nny finoany dia ny mitodika amin'Andriamanitra, Ilay vahaolana sy fanantenana ho azy. Tsy misy fotoana mamy mihoa-tra noho ny fahoriana, ho an'ny fanahy izay mitoky Aminy.

*

Raha mba entintsika eo amin'Andriamanitra izay rehetra alahelontsika, ahazoantsika tena miara-mizaka izany Aminy, dia ho afaka sy ho sambatra ny fontsika hanadino ny tenany mba hikarakarana ny hafa.

**Afaka misaotra an'Andriamanitra aza
aho, noho ireo fahoriana alefa eo
amin'ny fainako**

Rehefa manao jery todika ny fainantsika isika, dia manana antony tokony hisaorana an'Andriamanitra noho ireo fahoriana nolalovantsika, ary miaiky fa nilaina ireo.

*

Noho ny halehibeny sy ny hatsaram-pony, Andriamanitra dia miombona alahelo amintsika amin'izay rehetra fahorantsika. Mety tsy haveriny amintsika izay very, saingy tiany hampanatonina Azy isika mba hampitony ny fanaintainantsika. Ho avy ny andro izay hifaranan'izay rehetra fijalantsika, fa ilay Namantsika kosa hitoetra. Efa notsapaina ny fitiavany, Izy Izay tena Namantsika. Fantany ny horohororo lalina indrindra ao am-pontsika ary tiany ny hiarahantsika mizara Aminy ho mandrakizay ny fifaliany.

Mahereza tsara, ry mpivahiny!

“Ry malala, mananatra anareo aho, satria vahiny sy mpivahiny ianareo”

1 Petera 2. 11

“Matokia; Izaho efa naharesy izao tontolo izao”

Jaona 16. 33

“Vahiny” eto an-tany isika, mizotra mankany an-danitra

Ry kristiana, anisan’ny “vahiny” eto antany isika, “mpivahiny”. Ataon’Andriamanitra tsapantsika izany amin’ny zava-miseho eo amin’ny fainantsika. Sarahiny amin’izay tiansika indrindra etè an-tany isika, amin’ny anesorany izany tsikelikely amintsika; tsy hitahitantsika akory dia mihamatotra ho an’ny lanitra isika.

Na eo aza ny fahorantsika, dia sambatra isika ao amin’i Kristy Izay mampahery sy mampionona antsika

Andriamanitra “mampionona ny mpan-defitra” (2 Korintiana 7. 6). Tsy mahafaty antoka ny malahelo raha handraisana fampiononana toy izany! Hevero anie io tombondahiny io e! Andriamanitra, Andriamanitra toa izany, no

mikarakara antsika sy ny alahelontsika!

*

Rehefa malahelo ny fanahy, toy ny sambo tafajanona noho ny rano nisintonia, dia tataovan-doza hifanena amina harambato mampidi-doza sy tora-pasika; fa rehefa miakatra ny rano, dia tsy hita intsony ny fanambaniny, satria mitsingevana ny sambo. Araka izany, rehefa sambatra ao amin'i Kristy ny fanahy dia mandeha am-piadanana, afaka amin' ireo fahorianarehetra izay mety ho hitan'ireo zanak'Andriamanitra eo amin'ny fifandraisani'zy ireo. Rehefa entin'ny fahatsaran'Andriamanitra miakatra isika dia afaka miara-mandeha am-pahasambarana, feno an'i Kristy.

*

Satrintsika ihany hisosa mandrakariva antsambo tssofin'ny rivotra tsara, nefo tsy toy izany no fanofanana ho tantsambo mahay.

Tsy maintsy mianatra mijery izay ataon'Andriamanitra isika

Mihatsapako kokoa hatrany, araka ny efa fantatsika rehetra, fa ny asa *ho an'Andriamanitra* dia asa *ataon' Andriamanitra*.

*

Aoka isika hahazo antoka fa Andriamanitra dia manao *ao anatintsika* zavatra bebe kokoa mihoatra noho ny zavatra ataontsika *ho Azy*. Tsy manan-danja eo imasonry izay ataontsika, raha tsy Izy ihany no manao izany *ao anatintsika*.

*

Tsy mila ny olombelona ny fahamarinana: ny olombelona no mila ny fahamarinana.

*

Asa be ny manilika ny ranomandry, any amin'ny toerana avo, nefà vetivety foana io dia mitsonika rehefa manome ny hafanany ny masoandro. Nandrakotra ny tany ny ranomandry nandritra ny alina; izay tsy ho vitan'olona antapirisany atao dia vitan'ny masoandro indray andro —ny hafanana avy amin'Andriamanitra.

**Eo anilan'i Kristy, rehefa irery miaraka
Aminy isika, dia mianatra manompo Azy**

Matetika aho no nahita mpino mitokamonna, mitoetra eo akaikin'ny Tompo, mandroso kokoa noho ireo mpino zatra miantehitra amin'ireo rahalahiny. Izay ananan'ilay mpino mitoka-monina dia noraisiny marina avy tamin'Andriamanitra.

*

Hatrizay aho dia olona mitoka-monina, ka mieritreritra kokoa ny hafo rehefa lavitra azy ireo, noho ny rehefa miaraka aminy. Tsara ny mitokana matetika; tsara indrindra raha mitokana miaraka amin'i Kristy. Anjara soa izany!

*

Tsy mahavita miasa betsaka toy ny taloha intsony aho, kanefa manana ny asan'ny Tompo hataoko, raha mbola hankininy amiko ihany koa izany.

*

Tsy hisy ho hadino na dia iray aza, izay zavatra nanompoantsika an'i Kristy. Izay rehetra tena zava-nisy teo amin'ny fainantsika dia haharihary, ary izay tena zava-misy dia i Kristy hita amin'ny fomba fainantsika, fa tsy zavatra hafa.

*

Aza matahotra izay hiafarana: Andriamanitra hisahana izany raha manao araka izay iriny ianao.

Miara-mandeha amin'Andriamanitra

*"Niara-nandeha tamin'Andriamanitra
Enoka; ka tsy hita izy, fa nentin'Andriamanitra"
Genesisy 5. 24*

Mahalala an'Andriamanitra sy miara-mandeha Aminy

Mba efa nisy andro nitsidihan'Andriamanitra anao ve? Tsy nofy na fahitana no resahiko; fa mba efa niteny tamin'ny fieritreretanao ve Andriamanitra, hahatonga anao hianatra Aminy mba hahalala Azy, sy hahalala ny tenanao?

*

Tsy misy, eto amin'izao tontolo izao, azo oharina amin'ny hajan'ny olona miara-mandeha mandrakariva amin'Andriamanitra.

Ny fahatsorana no toeatra mampiavaka ny fizorana eo imason'Andriamanitra.

*

Zava-dehibe ho an'ny fanahy ny hahatonga azy hatoky tanteraka an'Andriamanitra, mba hiara-dia Aminy.

*

Toa inona ny fahasamihafan'ny olona mandeha eo imason'Andriamanitra sy ny olona mandeha eo imason'ny olombelona! Sarotra ho an'ny olona mandeha eo imason'ny olona toa azy ny mihazona ny zavatra rehetra hilamina! Fa izay mandeha eo imason'Andriamanitra kosa, manoloana ny olona, dia afaka mamela am-pahatoniana amin'Andriamanitra izay rehetra mahakasika azy. Izany indrindra no fahasamihafana eo amin'ny olona milaza azy ho kristiana sy ny tena kristiana.

Mikatsaka ny fiombonana amin'Andriamanitra

Kolokoloy ny firaisansa lalina Aminy! Dia hitoetra ho matsilo sy mahay mandanjalanja ny fieritreretana ary ho voahazona ho sambatra ny fo.

“Sambatra izay mitoetra ao an-tranonao” (Salamo 84. 4). Izay miraiki-po amin’ny tranon’Andriamanitra dia ho tia kokoa ny lalan-tsarotra mankany noho ny lala-mora manalavitra azy.

*

Miresaha amin'Andriamanitra; aza mianina mihitsy raha tsy efa vonona hiara-dia sy hi-resaka amin'i Kristy, toy ny amina namana

akaiky. Aza afa-po raha tsy manana fifandraisana akaiky amin'Ilay tia anao amin'ny fitiavan-dehibe toy izany!

*

Tsy mampidi-doza tsy akory, araka ny filaza matetika, ny eny an-tendrombohitra, fa ny *avy teny*. Nony *nidina* avy tany amin'ny lanitra fahatelo i Paoly, dia tsy maintsy nasiana "tsilo tao amin'nynofony" (2 Korintiana 12. 7). Ny loza nitatao taminy dia ny hilazany hoe: "Tsy nisy afa-tsyo ianao, ry Paoly, no *avy any*!"

Mandeha amin'ny fankatoavana, miraiki-po amin'ny Tompo

Ny toetra mampiavaka ireo izay tia ny Tompo dia ny fankatoavana. Rehefa misitraka izany fifandraisana akaiky Aminy izany isika, dia miseho ny fitiavantsika rehefa mikatsaka ny hahalala ireo fanirian'ny fony isika.

Raha sarobidy amiko i Kristy, dia hitandrina ny Teniny aho. Maro ny kristiana no tsy mahalala sady tsy mitandrina ireo didiny (Jaona 14. 21).

Raha *ampandrenesiny* "isa-maraina isa-maraina" *ny sofintsika* (Isaia 50. 4), dia hahalala ireo didiny isika ary hahafantatra izay iriny. Hahay mamantatra ny fanirian'ny Raiko aho,

toy ny zanaka misaina sy mitandrina. "Ny fisainan'i Jehovah asehony amin'izay matahotra Azy" (Salamo 25. 14).

*

Tsy ny hanarina izao tontolo izao no anjarako, fa ny mandeha amin'ny maha-kristiana ahy, maneho ny toetran'i Kristy. Ny zavatra ilaina aza dia ny hanarina ny fandehako manokana sy ny fandehan'ireo kristiana hafa.

*

Tonga "epistolin'i Kristy" (2 Korintiana 3. 3) isika, ary tokony haneho ny fiainan'i Jesosy ao amin'ny vatantsika. Izay rehetra ataoko dia tokony mba hampiseho ny firaketam-poko amin'i Kristy sy fanehoako Azy amin'ny hafa. Ny fandehantsika dia tokony ho *mendrika ny Tompo*, fa tsy izay mendrika ny olona (Kolosiana 1. 10).

Ny fahazavana avy any an-danitra

“Andriamanitra dia mazava”

1 Jaona 1. 5

“Ny fahazavano no hahitanay fahazavana”

Salamo 36. 9

Ry mpino namana, mandalo fotoana tsy maintsy iainantsika mibanjina an'i Kristy any an-danitra isika, satria izao tontolo izao dia lavitra an'Andriamanitra, ary miha-matevina isanandro ny haizina ara-moraly misy azy! Isika anefa dia an'ny mazava ary miandry ny andro efa hiposaka.

Aoka isika hahay mitoetra ao amin'ny fahazavan'Andriamanitra

Ny fanatrehan'Andriamanitra irery ihany, Izay fahazavana, no afaka mitarika antsika hanamelo-tena, sy manome antsika hery hidiovantsika ho afaka amin'ny sampintsika miafina indrindra ary angamba fantatsika indrindra.

Matetika loatra no itadiavana fanafana amin'ny toe-javatra manala baraka, fa tsy ijrena ny toe-po nahatonga izany. Raha tsy manao izany isika, dia tsy maintsy hibaby ny vokany. Iray ihany no afaka hitondra ao amin'ny fanahy ny fahazavana mitsara ny fieritreretana: afaka miantehitra Aminy isika. Tsy afaka mando-

dona an'Andriamanitra isika; rehefa miasa Izy, dia tiany ho marina avokoa ny zavatra rehetra.

*

Tsy mbola nahita olona miaina amin'ny traïkefany sy tsy mahita afa-tsy izy aho, ka tsy anjakan'ny *izaho* tia tena, na dia tsy tsapany akory aza izany. Tsy mahay mamantatra ny tenantsika isika raha mieritreritra ny tenantsika fotsiny ihany. Rehefa mieritreritra an'i Kristy isika, dia foana ny *izaho*; ao anatin'ny fahazavana isika, amin'izay.

*

Ny fahitsiana irery tsy misy an'Andriamanitra dia tsy ampy hahitana ny ratsy. Ny olona voajanahary, mahitsy, dia afaka mampiasa ny fieritreretany, nefo, toy ny ilan'ny masontsika fahazavana mba hahita, dia mila ny fanatrehan'Andriamanitra, Izay mazava, isika.

Aoka isika hanaraka ny lalam-pahazavana izay nizoran'i Kristy

Moa ve, eo amin'ny fiainana andavanandro, ny lalako mba manana ny fahazavana avy any ambony ho fiandohany sy hanazava azy? Hazava daholo ny zava-drehetra raha miaramandeha amin'Andriamanitra isika. Hisy fitsapano hanjo antsika, kanefa ny fotoanan'ireo

fahoriana miaraka amin'Andriamanitra angamba no fotoana tsara indrindra eo amin'ny fiainan'ny mpino.

*

"Izay manana ny didiko ka mitandrina izany, dia izy no tia Ahy; ary izay tia Ahy no ho tian'ny Raiko, ary Izaho ho tia azy ka hiseho aminy" (Jaona 14. 21). Ny lalan'i Kristy niainany feno ny fitiavan'ny Rainy, dia lalam-pifaliana tsy misy rahona sady lalam-pankatoavana tsy misy fepetra. Amin'izany Izy dia mampiseho amin'ny mpianany fa, raha te hizotra ao amin'ny fahazava sy hisitraka ny fanatrehany izy ireo, dia tsy maintsy manaraka ny lalana nombany.

*

Endrey! Mitoera eto amiko; enga anie ka tsy hisy eritreritra maningana

Hanafina amiko ny fahazavano avy an-danitra. Aoka lanao ho heriko! Enga anie ny fitahiana avy aminao

Tsy ho foanan'ny filàna mampalahelo ao amina fo tsy manan-katao.

**Tsy ho ela isika dia hitoetra mandrakizay
eo amin'ny fahazavan'ny tranon'ny Ray**

Hasambarana toy inona ny mahalala hoe

an'ny Tompo isika ary mahita mazava ao ami-n'ny fahazavany (Salamo 36. 9)! Mimirapiratra tokoa, sady feno voninahitra, io fahazavana io, ho an'ireo izay lavitra ny tranon-dRay ary miandry ny fiavian'Ilay Mpamony sarobidy hampiditra azy ireo any an-danitra, toa perla sarobidy eo amin'ny satroboninahiny ary Vady araka ny fony!

*

Hitoetra mandrakizay eo amin'ny fahazava-n'ny tranon'ny Ray!

Foana ny aloka rehetra manoloana ny famirapiratry ny andro.

Ary, lavitra dia lavitra ny tany, ny fanahintsi ka manontolo

Higoka eo anilany ny fitsaharana omen'ny fitiavana.

Ny tranon'ny Ray

“Ho ao amin’i Kristy, satria tsara lavitra izany”

Filipiana 1. 23

Eo anilako i Kristy mandra-pahatapiry ny dia

Narary mafy aho, hany ka tsy fantattro intsony raha mbola ho tafarina. Kanefa koa, tsy tsapako fa akaiky toy izany ny fahafatesana; satria amin’ireny fotoana ireny Andriamanitra dia mikarakara manokana ny fanahintsika. Efa tena akaikin’ny fahafatesana aho ary gaga satria toa tsy dia manova inona eo amiko izany. Teo anilako i Kristy, Ilay Mpamonjy sarobidiko, ary efa hiaraka Aminy mandrakizay aho.

*

Mora dia mora ny mankany an-danitra, rehefa any no tanjontsika. Efa hatry ny ela aho no mahatsapa bebe kokoa hatrany fa any no izonako. Ny tafiotra rehetra dia mampanakaiky ahy amin’io fitodiana io; koa rehefa tonga ny fotoana, dia toa lalanan-javatra ny miditra any.

*

Ry kristiana, tsy manana hoavy hafa ankoatra ny voninahitra isika. Ny tokony ho tanjontsika dia ny manao ny sitrapon'Andriamanitra isanandro isanandro; ny sisa rehetra dia eo am-pelatanan'ny Tompo. Fantatsika fa miandry antsika ny voninahitra.

Hampiditra ahy eo amin'ny fanatrehan'ny Tompo ny fahafatesana

Ny filazana hoe matory ny fanahin'ny mpino aorian'ny fahafatesany dia foto-pampianarana mampalahelo mivantana avy amin'i Satana, izay miasa amin'ny fisainan'ny olona. Nilaza tamin' ilay jiolahy ny Tompo fa tsy hiandry ny fametrahana ny fanjakany tsy akory izy, fa ny androtr'io ihany dia hiaraka Aminy any am-paradisa (Lioka 23. 43). Rehefa maty ve izy dia tokony ho ao anaty torimaso lalina, tsy mahalala na inona na inona momba an'i Kristy, na momba izay zavatra hafa? Tsy azo neverina izany! Raha "tsy hitoetra ao amin'ny tena" isika, dia "hitoetra any amin'ny Tompo" (2 Korintiana 5. 8). Raha toa ka mijanona ao am-pasana fotsiny no atao hoe maty, dia aleo tsy velona akory.

"... hiala ka ho ao amin'i Kristy, satria tsara lavitra izany" (Filipiana 1. 23), hoy i Paoly apostoly. Mety ho resy tory lalina sy tsy mahatsiaro tena

ve izany? Tsara kokoa noho ny manompo an'i Kristy sy miasa ho an'ny voninahiny ve? Misy tombony kokoa ve ny hanjary tsy mahatsiaro tena toy izay manompo an'i Kristy am-pahatokiana ety an-tany? Ireo lahatsoratra ireo dia tsy vitan' ny hoe mampiseho amin'ny kristiana manampanahy sy saina ny maha hevi-dravina izany fotopisainana izany, fa koa tsy misy ao amin'ny Soratra Masina fototra iray ahazoana mieritreritra izany faharesen-torin'ny fanahy izany.

*

Koa tsy mampivarahontsana intsony ny fahafatesana. Satria nahoana? "Ianao no amiko" (Salamo 23. 4). Raha tsy izany, dia mahatahotra izy. Tamin'ny alalan'ny fahafatesana tokoa no namonjen'i Kristy ahy sy hitondrany ahy ho eo anatrehany. "Tsy hitoetra ao amin'ny tena, fa ny hitoetra any amin'ny Tompo" (2 Korintiana 5. 8).

*

Ankehitriny dia ahy ny fahafatesana; tsy toy ny tao amin'ny bokin'i Joba hoe "ilay mpanjaka mampahatahotra indrindra" intsony izy (Joba 18. 14). "Anareo izany rehetra izany, ary ianareo an'i Kristy" (1 Korintiana 3. 22-23).

Tsy ho ela aho dia hitoetra mandrakizay ao an-tranon'ny Ray

“Ao an-tranon’ny Raiko misy fitoerana maro... handeha hamboatra fitoerana ho ana-reo Aho... dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko...” (Jaona 14. 2-3). Milaza amin-tsika ny Tompo fa ny toerana hampidirany antsika dia ny *tranon’ny Ray*. Inona moa no maha-zava-dehibe izany tranon’ny Ray izany ho an’ny iray amin’ireo zanany, izay tia zava-panahy mahitsy? Ny hoe: ao ny Ray. Na dia kely dia kely aza ankehitriny ny fahafinaretantsika miaina izany, rehefa milaza isika hoe “ho any an-danitra”, dia mankeo anilan’ny Ray no dikan’izany.

*

*Ao no hidirako, voavonjy noho ny fahasoaavana,
Ao no hiandrasanao ahy eo amin’ny kianja masina.
Avia, hoy lanao, efa azoko ny toeranao
Any am-paradisa, noho ny hazofijaliako.
Fitsaharana, fitsaharana! Eo anilan’i Jesosy
Tsy hisy intsony na alahelo na fijaliana.*

Hymnes et Cantiques 197. 2